

Ny Valosoa sy hadihady

Tsy mbola hahitsy sy tsy hazava ny lalana itondrana ny firenena amin'ity taona ity

Ho sarotra ny hino ho an'ny mpandalina maro, fa hizotra amin'ny tokony ho izy irin'ny vahoaka hiseho amin'ny fiainany ny zavatra hitranga amin'ity taona 2020 ity. Efa niainga tany amin'ny roa volana farany tamin'ny taon-dasa ny olana mafy ara-tsosialy nanamontsana ny vahoaka ary tsy antenaina hisy fihatsaràny izany ato ho ato. Efa mandom-baravarany ny isan-tokantrano malagasy indray izao ny fiakaran'ny vidin-javatra maro samihafa tena ilain'ny mponina andavanandro, toy ny siramamy, ny menaka, sns... Efa mitatao sahadry rahateo ny hiakaran'ny vidin-tsolika izay tsy hisalasalà handrirotra ny vidim-piainana, ka hanempotra ny vahoaka mafimafy noho ny hatramin'izay. Ho matroka araka izany ny faravodilanitra amin'ny hoavin'ny fiainan'ny vahoaka malagasy.

Etsy ankilan'izay anefa, ny fitondrana Rajoelina variana amin'ny raharaha tsy maha-maika ny vahoaka mihoatra noho ny laharam-pahamehana andrasany mafy. Hita mibaribary, fa tsy maha rototra ny fitondrana mihitsy ny laharam-pahamehan'ny vahoaka. Efa nandaniana ranomainty betsaka sy notanisaina tamin'izany, ka tsy iverenana eto intsony no sady tsy hampihetsi-bolomaso akory ny mpitondra. Ny maha-maika azy ? manao kajikajy politika any an-dapa any ho amin'ny fiarovana sy fanamafisan-tseza mba-min'ny tombontsoa gohana isan'andro. Nilaza Rajoelina fa manao izay tratry ny heriny izy ho amin'ny fitsinjovana ny tombontsoam-bahoaka. Inona anefa no mba fiantraikan'izany teo amin'ny fiainana andavanandron'ny vahoaka tato anatin'ny herintaona nitondran'ny izay ? Tsy nisy fiovana ny fijaliam-bahoaka andavanandro. Sarotra ihany ny mbola hiheverana hihoatra izay raha ny fisehon'ny fitarainana nataony izay. Efa nanao izay tratry ny heriny hono izy mantsy, ka inona izany no antenaina? Hifatra any amin'ny vahoaka ny an-tery amin-ketra katsahina alaina amin'ity taona ity ho fampidirambolam-panjakana. Poretina hakana hetra avokoa izay azo hakana rehetra kanefa tsy maintsy any amin'ny vahoaka ihany no tratra farany amin'izany. Ny sosialim-bahoaka anefa tsy misy vahaolana mahomby sy haharitra akory, ilay vahoaka anisan'ny mahantra indrindra maneran-tany. Dia rehefa tsy tafavoaka dia manao teny tsara amin'ny kabary manilika amin'ny hafa ny tsy fahombiazana, izay ho sakana sy mitarika hihemotra. Ilay politika ara-toekarena sy sosialy atao anefa no tsy nahitam-bokany. Dia ho izany foana ve no hitantanana ity firenena ity, fa tsy misy fahamarinana mazava amin'ny lafiny rehetra ? "Mbola ho ela...", hoy ilay nifatotra, mibanjina ny lalan-kimaizimaizina eo anoloany.

Sôh'son

"TRIBUNAL ADMINISTRATIF"

Mafy ny tsindry nahazo, tsy nasiany hasiny ny maha-republika

Hetahetam-bahoaka sy fanambany napetraky ny filohampirenena ny isian'ny tany tan-dalàna eto amin'ny firenentsika, tsy ho tontosa anefa izany raha tsy misy ny fahatsapante-nan'ireo nomena andraikitra eto amin'ny firenena indrindra fa ireo mikirakira ny fifidianana.

NY FITSARANA

Manana ny toerany ny fitsarana sy ny fampiharana ny lalàna teo amin'ny tantarampirenena tamin'ny vanimpotoana samihafa, tamin'ny fanjakan'Andrianampoinimerina dia efa nisy ny antsoina hoe "heloka 12 mahafaty" nifehezana ny fanjakana, nivoatra hatrany ny karazan-dalàna sy didy nivoaka arakaa ny fivoarana nisy teo amin'ny fitantanana ny raharahampanjakana, taty aoriana tamin'ny fanjakan'ny Mpanjakavavy Ranavalona faharoa no nivoaka

ny "Lalàna dimy venty sy telonjato", izay manana endrika lalampanorena mihitsy, satria voasoritra ao ny firafitry ny ambaratongam-pahefana nisy sy ny didy aman-dalàna isan-tsokajiny nandaminana ny fiarahamonina, tamin'ny fotoanan'ny fanjanahantany sy tamin'ny repoblika nifandimby dia nisy foana ny fitsarana, saingy tonga amin'ilay fitenenana manao hoe, tsy mbola nisy ohat'ity hatrizay nanaovana, raha mandinika ny nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampiranena (HCC) tamin'ireo fifidianana nandraisan'izy ireo fanapankevitra.

NY FIFIDIANANA

Tamin'ny fanjanahantany isika no nanomboka nifidy, ka nahalany ho solombavambahoaka ny Depiote Delphin Raseta Joseph Delphin sy Ravoahangy Andrianavalona ary

Rabemananjara Jacques ary ny 28 Septambra 1958 dia niatrika ny fitsapankevi-bahoaka nananganana ny repoblika voalohany ny malagasy, tafapetraka io repoblika io ny 14 Oktobra 1958. Tany repoblikana izany isika nanomboka tamin'ny taona 1958, ary efa repoblika fahaefatra isika izao, ny dikan'ny hoe repoblikana dia olomboafidy no mitondra fa tsy mpanjaka akory, ny zava-miseho eto amintsika dia tsizarizary ilay repoblika, satria ny fifidianana mihitsy no tsy mandeha amin'ny tokony ho izy, tamin'ny fanjanahantany aza matoa voafidy ry Dr Raseta sy Dr Ravoahangy dia mbola azo noleferina ihany ny fomba nikirakirana ny fifidianana, fa raha ny nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampiranena farany teo araka ny efa nambara tetsy aloha dia ilay maha-republika

an'ilay repoblika mihitsy no voahosihosy. Ny Fitsarana Misahana ny ady amin'ny Fanjakana, izay nantenain-kannirina koa izao vao mainka nampivandravandra, nahasahy nanao fanafanana faobe ireo fitoriana tamin'ny fifidianana tamin'ny faritra Analamanga omaly, kanefa raha resaka fitsarana momba ny fifidianana dia tokony ho raisina tsirairay ny tranga rehetra, saingy angamba mafy loatra ny tsindry, ka ilay maha-republika mihitsy no tsy nasiana hasiny, ary azo antoka fa tsy hisy eto amin'ny firenena ny tany tan-dalàna, satria manome rariny ny fanosihosena ny lalàna nataon'ny Ceni ny Fitsarana misahana ny Ady amin'ny Fanjakana raha ny didy savaranonando navoakany omaly no jerena.

Ny Valosoa

Oniversite Ankato

Nakaton'ny Seces ny vavahady nanomboka omaly

Nakaton'ny SECES na ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ny vavahady miditra eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, eny Ankato nanomboka omaly. Nana-tanteraka fivoriambe teny Ankato ny SECES Sampana Antananarivo afak'omaly, manoloana ny zava-misy amin'ny tonto-

lon'ny Anjerimanontolo eto amintsika. Nanao fanambarana izy ireo tao-rian'izay milaza fa « hikatonà ny vavahady eny amin'ny Anjerimanontolo Ambohitsaina manomboka ny Alarobia 08 janoary 2020, isaky ny amin'ny 08 ora maraina, ka hatramin'ny 04 ora tolakandro ». Hisy kosa ny fepetra manokana ho rai-

sina ho an'ny mponina mipetraka marina ao anatin'ny faritry ny Oniversiten'Antananarivo. Nilaza ny SECES Sampana Antananarivo fa « zara raha misy ny vahaolana azo tsapain-tànana » mikasika ireo olan'ny mpampianatra-mpikaroka sy mpikaroka-mpampianatra ary ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana ara-

tsiansa, voarakitry ny fitakiana miisa fito nataon'izy ireo, ka dia hanamafy ny fitakiana izy ireo mandrapisany'ny «vahaolana mahafa-po ».

Niaina

Dokam-barotra NY VALOSOA Gazety misoho intelo isan-kerinandro VAOVAO Tel. 034 79 076 00

NY TENY FIAINANA



Hebreo 13:8 Jesosy Krisy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay."

Orambe, rivotra, havandra ary varatra Nisy ny maty, tamboho nihotsaka, fiara difotra,...

Namely mafy ny orambe, ny rivotra, ny havandra ary ny varatra omaly tolakandro teto Antananarivo Renivohitra, nandritra ny famoahana ny didy savaranonandron'ny fitoriana natao teny amin'ny Tribonaly misahana ny ady amin'ny fanjakana teny Anosy, no nitrangan'izany rehetra, nanomboka tamin'ny 2 ora sy sasany tolakandro teo. Maro ny fahavoazana nitranga vokat'izay andro ratsy nitranga omaly tolakandro izay. Teny Nanisana, olona 2 maty nihotsahan'ny tamboho. Teny Ivandry, vehivavy iray no maty noho ny tariby nitondra angôvon'aratra nilatsaka tamin'ny tany, ka main'izany taribin-jiron-jiro izany ity vehivavy ity. Teny amin'ny Fitsarana Anosy, voalaza fa nisy varatra nirefotra tao, fa saingy tsy nisy ny aina nafoy na ny naratra vokat'izany. Noho izany orambe sy rivotra, havandra ary varatra izany, nirodana ihany koa ny ampahan'ny tambohon'ny fonjan'Antanimora, voalaza fa tsy nisy ny gadra tafatsoaka na izany aza. Teny Ankatso koa, nisy izay tamboho nihotsaka izay. Teny Besarety, maro ireo fiarakodia difotry ny rano. Ankoatra izany, teny Anosibe, nisy ny trano nirehitra. Karazany maromaro arak'izany ireo loza nitranga teto an-drenivohitra noho ny andro ratsy omaly iny. Vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro eto amin'izao tontolo izao, noho ny fahasimban'ny tontolo iainana, tratran'izany koa isika eto Madagasikara, izany no anisan'ny mahatonga izao orambe manimba zavatra maro eto amintsika izao, amin'ny faritra maro eto amin'ny Nosy, sy mahatonga ny fiakaran'ny mari-pana ihany koa. Raha izay resaka mari-pana izay, hanomboka hiakatra ny mari-pana politika eto amintsika!

Isambilo



TONTONKALO

Ny filibana sa ny fitsitsiana no lehibe indrindra ?

Toa fitaka ihany ilay hoe fitsitsiana Nodradradrainao ry ilay zandrikely, Satria be dia be loatra ny fandaniana, `Zay tena midika f'ianao tsy modely !

Vidianao ny entana lafo dia lafo, Ny fiara efatrefatra raitra dia raitra, Kanefa ny maro efa tsy misakafo, Efa tojo ny mafy ary koa ny mafaitra !

Ny ho any Frantsa no tianao indrindra Mba hialana voly ary koa hiantsenana. Porofa fa tsy hainao ny mbola mandrindra, Ka aato indray ny fifampiarahabana ?

Mba lanjalanjao ihany ny atao ry zandry Fa ny fahefana anie ka fanambinana. Mieritrereta, aza tafandry mandry Fa hisy ilay andro natao hanadinana!

Ilay tompontsika amin'io no hitsara. (Tsy hisy eo intsony ilay hoe kolikoly). Aza faly mangorona fa `ndeha mizara. Tandremo voafitaky ny asan-devoly !

DADAN'i ZINA (05-01-20)